



REPOBLIKAN'I MADAGASKARA

Rlavana - Tanindrazana - Fandresena



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-139

**FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY VOLAVOLAN-DALANA  
LAHARANA FAHA-017/2020 TAMIN'NY 18 NOVAMBRA 2020 MIKASIKI NY  
POLITIKAM-PIRENENA MOMBA NY KOLOTSAINA**

Fivoriana Faha-19  
Natao ny  
Alarobia 16 Jona 2021  
- Maraina -

## FIVORIAMBE

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**FOTOANA:** Alarobia 16 Jona 2021, tamin'ny 10 ora sy 20 minitra, maraina.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-017/2020 tamin'ny 18 Novambra 2020 mikasika ny Politikam-pirenena momba ny Kolotsaina.

Nitohy ny Alarobia 16 Jona 2021, tamin'ny 10 ora sy 20 minitra, ny fivoran'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefaavy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny teknisiana misahana ny Informatika ato amin'ny Antenimierampirenena mba hanamarika sy hanome ny anaran'ny Solombavambahoaka manatrika ny fivoriana amin'ny fotoana mahamety izany.

Taorian'izay, nanamarika koa, Ramatoa Filoha, fa mandeha mivantana amin'ny "facebook" ny fivoriana tanterahana androany.

Niangavy ny Mpampakateny mba hamaky ny tatitra Ramatoa Filoha, rehefaavy nampahatsiahny fandaharam-potoana voalaza etsy ambony.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot, ka toy izao ny fivakiny:

Nivory ny Alatsinainy faha-7 Jona 2021, maraina, tamin'ny 10 ora sy 15 minitra, ny Vaomieran'ny Kolotsaina, ny Vakoka ary ny Fampiroboroboana ny Zava-kanto; ny Vaomieran'ny Asa-tànana sy ny Fizahan-tany ary ny Vaomieran'ny Serasera, ny Fampahalalam-baovao ary ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-017/2020 tamin'ny 18 Novambra 2020 mikasika ny Politikam-pirenena momba ny Kolotsaina.

Andriamatoa CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot, Filohan' ny Vaomieran'ny Kolotsaina, ny Vakoka ary ny Fampiroboroboana ny Zava-kanto no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Kolotsaina, ny Vakoka ary ny Fampiroboroboana ny Zava-kanto tonga nanatrika ny fivoriana.

Ramatoa sy Andriamatoa:

- 1- CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot
- 2- MBADE Jeannine Gabrielle

Ireto kosa ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Asa-tànana sy ny Fizahan-tany tonga nanatrika ny fivoriana.

Andriamatoa sy Ramatoa isany:

- 1- RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine
- 2- RAMENASON Rio Merci
- 3- DARKHAOUI Siritis

Ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Serasera, ny Fampahalalam-baovao ary ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana tonga nanatrika ny fivoriana.

Andriamatoa:

- 1- RAKOTONDRAZOA Fetra

Ireto ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana.

Andriamatoa sy Ramatoa isany:

- 1- BAOFENO Micheline
- 2- INDRIANDRO Julien
- 3- MASY Goulamaly Marie Jeanne d'Arc
- 4- PEPIN Michou
- 5- RAKOTORAHALAHY Modeste
- 6- RALAMBOMANANA Fenoherintsoa
- 7- RAZAFINDRIANTSARA Jonhson Anatole
- 8- RICHARD Tsimahalefy Alexandrine

Ireto kosa ireo teknisiana tonga nisolotena ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina.

|                                    |                                    |
|------------------------------------|------------------------------------|
| 1- RALAIMAZAVA Johary Andriamahery | SG MCC                             |
| 2- RAZAFIARISON Francis            | DG Culture                         |
| 3- RAONISON Andrianjaka            | DG Bibliothèque Nationale de M/car |
| 4- RAKOTONDRAZOA Tseheno           | DIR Fonds LOVAKO/MSK               |
| 5- RAHALISON Onjaniaina Adolphe    | DAJ-MCC                            |
| 6- RANJARIVO Haja                  | DIR OMDA                           |
| 7- RATOVONIRINA Faly               | DAPA                               |
| 8- RAHARIMANANA Emeline            | Conseiller Technique MCC           |
| 9- RIVONANTENAINA André Steevens   | Conseiller Technique MCC           |
| 10- RASOANARIVO Haja               | DIR CAB MCC                        |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Kolotsaina, ny Vakoka ary ny Fampiroboroboana ny Zava-kanto dia nomeny avy hatrany an'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina, ny fitenenana mba hanazavany ny antonantony mikasika ity volavolan-dalàna ity.

Nambarany tamin'izany, fa ity volavolan-dalàna ity dia hitondrana fanatsarana sy famenon'ny banga tamin'ny Lalàna laharana faha-2005-006 «portant politique nationale culturelle pour un développement socio-économique». Eo ihany koa ny fampidirana ireo sehatra izay tsy tafiditra tamin'izany mikasika ny Kolotsaina.

Nomarihany ihany koa, fa efa nanaovana fakan-kevitra mivelatra na «consultation élargie» tamin'ireo mpisehatra rehetra izay tafiditra ao anatin'ny rafitry ny kolotsaina izao rijan-teny izao. Isan'izany ny hampidirana hetsika isam-paritra na «festival régional» isan-taona; ny fiarovana ireo vakoka amin'ny fampiasam-bola vaventy amin'ny alalan'ny fametrahana ny «étude d'impact culturel»; ny fametrahana ny fiahiana ara-tsosialy ho an'ireo mpanakanto, toy ny latsakemboka ara-tsosialy, ny fisitrahana ny fisotroan-dronono, sns...

Taorian'izay dia nomeny an'Andriamatoa Tale Jeneralin'ny Kolotsaina ny fitenenana.

Nambarany fa misy teboka 6 lehibe no nohavaozina tamin'io volavolan-dalàna io:

- Fankatoavana sy fanazavana ny kolotsaina maro lafy;
- Fametrahana tahirim-bola ara-kolotsaina ho an'ireo mpisehatra rehetra;
- Ny famaritana ny andraikitrty ny mpisehatra rehetra eo amin'ny sehatra ara-kolotsaina;
- Ny Fikarakarana hetsika goavana, toy ny hetsika isam-paritra sy ny "journée culturelle".
- Ny Hetsika Tagnamaro;
- Ny teknika entina hitondrana ny politikam-pirenena mikasika ny kolotsaina satria tsy hita taratra ny fampiharana azy io teo aloha mba entina hahatrarana ny tanjona napetraka.

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

### **FANAMARIHANA**

Tokony hosoloina «culture» no ampiasaina ao amin'ny Toko faha-2, mitondra ny lohateny hoe: "Ny fanomezan-danja ny Harem-bakoka" na "de la valorisation du patrimoine culturel"; ao amin'ny lohateny faha-3, mitondra ny lohateny hoe: "Paikady" na "Des stratégies culturelles", fa tsy «patrimoine culturel matériel et immatériel» satria lasa resaka «patrimoine» fotsiny, fa tsy voaresaka ny «culture». Noho izany, tsara raha ovaina "culture" izay miresaka "valorisation du patrimoine" izay hita ao amin'ny adininy faha-35 sy 36.

Ho valin'izany fanamarihana izany, nanazava ny teknisiana fa voambolana fampiasa eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena izy io, izay hita ao amin'ny «Convention sur la protection du patrimoine mondial culturel» sy ny «Convention pour la sauvegarde du Patrimoine Culturel Immatériel». Ireo fifanarahana ireo dia efa nankatoavin'ny Parlementa Malagasy. Manaraka izany, mahafaoka zavatra maro ny voambolana "culture", ka tafiditra amin'izany ny "patrimoine".

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

### **FANONTANIANA SY VALINY:**

- 1- Ny Solombavambahoaka ve tsy tafiditra ao anatin'ny mpiaro ny kolotsaina any amin'ny Faritra rehefa misy ny fanapahan-kevitra hatao. Ohatra, mikasika ny momba ny Nosy Lonjo any amin'ny Faritra avaratry ny nosy?

Efa voalaza ao amin'ny andininy faha-12 ny fiarovana ireo harem-bakoka isam-paritra sy manerana ny nosy. Efa nisy ihany koa ny fifampiresahana teo amin'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina sy ireo olobe any an-toerana momba io Nosy iray io.

- 2- Inona ny fanavaozana noentin'ity Politikam-pirenena ho an'ny Kolontsaina ity?

Misy fanavaozana miisa 6 izay efa voalaza tetsy ambony no anton'ity fanavaozana ity. Isan'izany ny fametrahana ny "Fonds National Culturel" izay miandraikitra ny famoriana ireo loharanombola avy amin'ny kolotsaina sy harembakoka, ny fanampiana amin'ny fanarenana sy fikajiana ireo toerana miavaka ara-kolotsaina ary ireo hetsika fampiroboroboana sy fampandrosoana ny kolotsaina Malagasy.

3- Afaka azavaina misimisy kokoa ve ilay «consultation élargie» natao tamin'izy ity satria maro ny fomba amam-driba misy eto Madagasikara?

Efa fanaon'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina ity "consultation élargie" ity nandritra ireo hetsika rehetra izay nokarakarain'ny Minisitera. Isan'izany ohatra tamin'ny fanamboarana ny ROVA na ny fikarakarana ny taom-baovao Malagasy. Ampiasaina daholo ny fomba fampihaonana ireo mpisehetra samihafa voakasiK'izany. Ireo solotenan'ny Minisitera any amin'ny Faritra no miandrakitra izany.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandaniana isan'andininy an'ity volavolan-dalàna ity ny mpivory.

**FILAZANA NY ANTONANTONY:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**LOHATENY VOALOHANY:**

Andininy voalohany: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**TOKO VOALOHANY:**

**Sokajy volohany:**

Andininy faha-2: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**Sokajy faha-II:**

Andininy faha-3: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**TOKO FAHA-II:**

Andininy faha-4: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-5: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-6: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-7: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-8: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-9: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-10: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**TOKO FAHA-III:**

Andininy faha-11: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**LOHATENY FAHA-II:**

**TOKO VOALOHANY:**

**Sokajy voalohany:**

Andininy faha-12: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-13: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**Sokajy faha-II:**

Andininy faha-14: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**TOKO FAHA-II:**

Andininy faha-15: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-16: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**Sokajy volohany:**

Andininy faha-17: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-18: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-19: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**Sokajy faha-II:**

Andininy faha-20: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-21: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-22: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-23: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**Sokajy faha-III:**

Andininy faha-24: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-25: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**Sokajy faha-IV:**

Andininy faha-26: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-27: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**Sokajy faha-V:**

Andininy faha-28: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**LOHATENY FAHA-III:**

Andininy faha-29: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-30: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**TOKO VOALOHANY:**

Andininy faha-31: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-32: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**TOKO FAHA-II:**

Andininy faha-33: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-34: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-35: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-36: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**TOKO FAHA-III:**

Andininy faha-37: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-38: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-39: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**TOKO FAHA-IV:**

Andininy faha-40: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna  
 Andininy faha-41: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna  
 Andininy faha-42: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna  
 Andininy faha-43: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**TOKO FAHA-V:**

Andininy faha-44: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna  
 Andininy faha-45: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna  
 Andininy faha-46: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**TOKO FAHA-VI:**

Andininy faha-47: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**TOKO FAHA-VII:**

Andininy faha-48: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna  
 Andininy faha-49: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**TOKO FAHA-VIII:**

Andininy faha-50: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna  
 Andininy faha-51: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**LOHATENY FAHA-IV:****TOKO VOALOHANY:**

Andininy faha-52: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna  
 Andininy faha-53: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna  
 Andininy faha-54: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

**TOKO FAHA-II:**

Andininy faha-55: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna  
 Andininy faha-56: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa izay, niroso tamin'ny fandaniana ankapobeny ny volavolan-dalàna laharana faha-017/2020 tamin'ny 18 Novambra 2020 mikasika ny Politikam-pirenena momba ny Kolotsaina ny mpivory.

Nolian'ny Vaomieran'ny Kolotsaina, ny Vakoka ary ny Fampiroboroboana ny Zava-kanto tamin'ny endriny tsy nasiam-panintsiana sy tsy nasiam-panovàna ny volavolan-dalàna laharana faha-017/2020 tamin'ny 18 Novambra 2020 mikasika ny Politikam-pirenena momba ny Kolotsaina, ka hoentina eny anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 11 ora sy 45 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpampakateny, tamin'ny famakiana ny tatitra; Ramatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana izany.

Nanambara, Andriamatoa CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot, fa misy diso tsipelina ao amin'ny pejy faha-3, fehezan-teny farany. Mahafaoka no izy fa tsy mahafoaka.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha toa manana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra izay novakiana teo hatrany.

Nanambara, Ramatoa RAKOTONDRAZAFY Andriatongarivo Lalatiana, Minisitry ny Serasera sy ny Kolotsaina, fa manana fanamarihana vitsivitsy momba izany ny tenany.

Ao amin'ny pejy faha-2, anisan'ny tonga nanatrika ny fivoriana, Andriamatoa RASOANARIVO Haja, Tale ny Kabinetran'ny Minisitera, kanefa tsy voasoratra ao anaty ny lisitry ny teknisiana ny anarany, ka tokony hosoratana ao izany.

Ao amin'ny pejy faha-2 ihany, «Bibliothèque Nationale de Madagascar» na BNM no izy, fa tsy «Bibliothèque Nationale» fotsiny.

Ao amin'ny pejy faha-3, soloina hoe «Tale Jeneralin'ny Kolotsaina» ny teny hoe, Talen'ny Kolotsaina. Ao amin'ny pejy faha-3, tsipika faha-5, «hetsika tagnamaro» no izy, fa tsy «hetsika tanamaro». Ao amin'ny pejy faha-3 ihany, fehezanteny farany, soloina hoe: manaraka izany, mahafaoka zavatra maro ny voambolana «culture», ka tafiditra amin'izany ny «patrimoine».

Rehefa tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra intsony ny mpivory, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba ahafahany mamebelatra ny antonanton'ity volavolan-dalàna ity.

Nanambara, Ramatoa RAKOTONDRAZAFY Andriatongarivo Lalatiana, Minisitry ny Serasera sy ny Kolotsaina, fa hitondra fanazavana kely momba ny fanamarihana nataon'ny Solombavambahoaka nandrity ny Asam-baomiera aloha ny tenany.

Marina tokoa ny fanamarihana nataon'ny Solombavambahoaka amin'ny tokony hampiasana ny vombolana hoe «culture» ao amin'ny Toko faha-II, fa tsy «patrimoine». Vokatr'io fanamarihana io, raha mety, aleo soloina hoe:«de la valorisation de la culture et du patrimoine» ny lohateny amin'io toko faha-II io. Amin'izay fotoana izay, manome lanja ny kolotsaina izy no sady manome vahana ny «patrimoine».

Mikasika ny lalantsaina nitondrana ity Politikam-pirenena momba ny kolotsaina ity kosa, hanao fanavaozana isika, hoy Ramatoa Minisitra, satria efa ho 16 taona no tsy nanana Politikam-pirenena momba ny Kolotsaina i Madagasikara kanefa maro ny zavatra niova tany anaty fiaraha-monina.

Nampidirina ato amin'ity volavolan-dalàna ity koa ny fankatoavana ny kolotsaina marolafy misy eto amin'ny firenena satria iray ihany i Madagasikara.

Manana tanjona roa mazava tsara ity volavolan-dalàna ity: ao ny tanjona ankapobeny ary eo ihany koa ny tanjona manokana izay manome vahana ny vakoka Malagasy.

Omena sehatra ihany koa ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana amin'ity volavolan-dalàna ity, mba hiara-hisalahy amin'ny fitandroana ny kolotsaina Malagasy ary efa hita ao avokoa ny andraikitir'ireo “acteur public et acteur privé” amin'izany.

Hita ato ihany koa ireo paikady izay heverin'ny Minisitera fa tokony hapetraka mba hanajana ny kolotsaina sy ny zava-kanto eto Madagasikara. Anisan'ny goavana amin'izany, ny fikarakarana "festival national ou régional", mba hampisongadina ny kolotsaina isam-paritra, ka ho hita manokana amin'izany ny zava-kanto mampiavaka ny Faritra tsirairay avy.

Kolotsoaina Malagasy tena manan-danja koa ny tagnamaro, ka efa miezaka mamelona azy indray ny Minisitera amin'izao fotoana izao ary niaraha-nahita izany tamin'ny sehatra maro nanaovana azy.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Minisitra, tamin'ny famelabelarana narosony, Ramatoa Filoha dia nanontany an-dRamatoa Minisitra ny antony tsy nitazonana ny hoe "culture" amin'ny vohambolana rehetra ampiasaina, fa nampiana "patrimoine". Efa "convention" avy amin'ny «culture» mihitsy ve ny "patrimoine matériel ou immatériel", sa manao ahoana

Namaly, Ramatoa Minisitra, fa «appellation consacrée»-n'ny «patrimoine matériel et immatériel» raha eo amin'ny lafiny iraisam-pirenенана no jerena. Lasa «patrimoine» fotsiny no voaresaka tao amin'ny «conservation et protection», ka izay no nahatonga ny Solombavambahoaka nanao fanamarihana tany amin'ny asam-baomiera. Miara-manaiky isika, fa ilaina ny fitandroana ny hasin'ny «culture». Izay no antony nanaovana fanamarihana momba ny toko faha-II teo. Izany hoe, omen-danja ny kolotsaina sy ny harembakoka.

Nambarany koa, fa lasa miova avokoa ny any anatin'ny andininy satria efa nekena teo ny fanovàna ny lohateny ao amin'ny toko faha-II.

Taorian'izay, nanambara Ramatoa Filoha, fa efa nandray ny fanovàna voalaza teo ny Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena ka harahina araka ny fanazavana nomena teo izany.

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nanome fitenenana ny Solombavambahoaka nangataka izany izy.

Nilaza, Andriamatoa CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot, fa ny fametrahana ny teny hoe "culture" ato amin'ity volavolan-dalàna ity dia efa fandresena lehibe ho an'ny firenena sahadys satria hanome lanja ny kolotsaina isam-paritra izany.

Nanamafy izany, Andriamatoa HENRI Jean Michel, fa zava-dehibe tokoa ny fisian'ity volavolan-dalàna ity satria ao anatin'ny fanatontoloana ny firenena amin'izao fotoana izao. Raha tsy nampidirina izay voambolana, mety hanjaka ny kolotsaina vahiny.

Nanamarika koa ny tenany raha toa mba misy fiaraha-miasa eo amin'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina sy ny Minisitera ny Fanabeazam-pirenena satria ny ankizy no tena mila ity volavolan-dalàna ity, mba tsy hahavery ny kolotsaina Malagasy.

Namaly, Ramatoa Minisitra, fa efa voalaza ao amin'ny toko faha-VIII, amin'ity volavolan-dalàna ity avokoa ny tokony ho valin'ny fanamarihana nataon'Andriamatoa HENRI Jean Michel teo. Efa voadinika niaraka tamin'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena io toko faha-VIII io ary efa mipetraka ny fiaraha-miasa eo amin'ny Minisitera roa tonta.

Rehefa nomen-dRamatoa Filoha fitenenana, Andriamatoa INDRIANDRO Julien dia nilaza fa manahy ny tenany amin'ny fametrahana ity politikam-panjakana momba ny kolotsaina ity, satria sao tsy hifanaraka amin'ny finoana misy any amin'ny Faritra izany. Raha omen-danja ny "patrimoine culturel", tafiditra ao koa ny tobin-drazana sy ny rohy izay heverina fa manana ny mahaizy azy tamin'ny Ntaolo. Tsy manan-danja anefa izany raha ny resaka arapinoana no jerena. Ahoana izany ny fomba entina ampianarana ireo dimby amam-para ny tena kolotsaina Malagasy.

Namaly, Ramatoa Minisitra, fa tsy afaka mivaona amin'ny voalazan'ny Lalàmpanorenana ny volavolan-dalàna nataon'ny Minisitera. Mankatoa sy miantoka ny fahalalahana ara-pinoana ny Lalàmpanorenana eto Madagasikara ary mankatoa ny fisian'ny kolotsaina marolafy ihany koa. Nambarany fa efa voalaza ao amin'ny andininy faha-6 sy andininy faha-7 amin'ity volavolan-dalàna ity izany rehetra izany.

Fisaorana, an-dRamatoa Minisitra, no nataon'Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, rehefa nandray fitenenana izy satria zava-dehibe ho an'ny firenena sy ny taranaka fara-mandimby tokoa ity volavolan-dalàna ity. Nambarany koa fa vonona hatrany ny tenany ny hiara-hiasa amin'ny Minisitera rehefa nohavaozina ity volavolan-dalàna ity.

Andriamatoa RABEMANANTSOA Herilala Jeannot, kosa nangataka ny hijerena akaiky ny momba ireo zomba mampalaza ny sakalavan'i Menabe satria manintona mpizahatany maro io toerana io.

Namaly, Ramatoa Minisitra, fa voaray avokoa ny fanamarihana sy fangatahan'ny Solombavambahoaka nandray fitenenana teo, ka hodinihana ny fanatanterahana azy.

Rehefa tsy nisy nandray fitenenana intsony ny mpivory, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-017/2020 tamin'ny 18 Novambra 2020 mikasika ny Politikam-pirenena momba ny Kolotsaina ny fivoriambe.

Nampatsiahiviny fa ahitana lohateny miisa 4 sy andininy miisa 56 ity volavolan-dalàna ity.

**FILAZANA NY ANTONANTONY:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 20 no nandany; tsy nisy nitsipaka; Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny filazana ny antonantony.

**LOHATENY VOALOHANY:** Fepetra ankabobeny.

Andininy voalohany: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 20 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy voalohany.

**TOKO VOALOHANY:** Famaritana ny seha-pampiharana.

Andininy faha-2 sy Andininy faha-3: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànanana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany; Solombavambahoaka iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-2 sy ny andininy faha-3.

**TOKO FAHA-II:** Fehin-kevitra ankaboney

Andininy faha-4 ka hatramin'ny andininy faha-10: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànanana, Solombavambahoaka miisa 19 no nandany; tsy nisy nitsipaka; iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-4 ka hatramin'ny andininy faha-10.

**TOKO FAHA-III:** Tahirim-bolam-pirenena amin'ny kolotsaina

Andininy faha-11: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànanana, Solombavambahoaka miisa 19 no nandany; Solombavambahoaka iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-11.

**LOHATENY FAHA-II:** Tanjona sy andraikitrty ny mpisehatra

**TOKO VOALOHANY:** Tanjon'ny politikam-pirenena momba ny kolontsaina

Andininy faha-12 ka hatramin'ny andininy faha-14: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànanana, Solombavambahoaka miisa 17 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-12 ka hatramin'ny andininy faha-14.

**TOKO FAHA-II:** Andraikitrty ny mpisehatra amin'ny politikam-pirenena momba ny kolotsaina  
Andininy faha-15 ka hatramin'ny andininy faha-29: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànanana, Solombavambahoaka miisa 20 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-15 ka hatramin'ny andininy faha-28.

**LOHATENY FAHA-III:** Paikady

Andininy faha-29 sy andininy faha-30: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànnana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-29 sy ny andininy faha-30.

**TOKO VOALOHANY:** Ny sahoby ara-kolotsaina

Andininy faha-31 sy andininy faha-32: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànnana, tsy nisy nanan-kolazaina ny Solombavambahoaka, Solombavambahoaka miisa 19 no nanaiky, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-31 sy ny andininy faha-32.

**TOKO FAHA-II:** Fanomezan-danja ny harembackoka

Andininy faha-33 ka hatramin'ny andininy faha-36: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna teto anivor'ny favoriambe.

Rehefa natao ny tsangan-tànnana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-33 ka hatramin'ny andininy faha-36, rehefa nasiam-panovàna teto amin'ny favoriambe.

**TOKO FAHA-III:** Hetsiky ny olom-pirenena ho an'ny soa iombonana na tagnamaro

Andininy faha-37 ka hatramin'ny andininy faha-39: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànnana, Solombavambahoaka miisa 20 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-37 ka hatramin'ny andininy faha-39.

**TOKO FAHA-IV:** Ny amin'ny politika momba ny teny Malagasy

Andininy faha-40 ka hatramin'ny andininy 43: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànnana, Solombavambahoaka miisa 17 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-40 ka hatramin'ny andininy faha-43.

**TOKO FAHA-V:** Famoronana ara-java-kanto sy ara-kolontsaina

Andininy faha-44 ka hatramin'ny andininy faha-46: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànnana, Solombavambahoaka miisa 17 no nandany; tsy nisy nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-44 ka hatramin'ny andininy faha-46.

**TOKO FAHA-VI:** “Cinéma” sy sary miaina

Andininy faha-47: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànnana, Solombavambahoaka miisa 17 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-47.

**TOKO FAHA-VII:** Boky sy vakiteny ho an’ny daholobe

Andininy faha-48 sy ny andininy faha-49: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànnana, Solombavambahoaka miisa 17 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-48 sy ny andininy faha-49.

**TOKO FAHA-VIII:** Fanabeazana ara-kolotsaina sy ara-java-kanto

Andininy faha-50 sy Andininy faha-51: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànnana, Solombavambahoaka miisa 19 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-50 sy ny andininy faha-51.

**LOHATENY FAHA-IV:** Fepetra samihafa sy famaranana

Andininy faha-52 ka hatramin’ny andininy faha-54: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànnana, Solombavambahoaka miisa 19 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-52 ka hatramin’ny andininy faha-54.

**TOKO FAHA-II:** Famaranana

Andininy faha-55 sy andininy 56: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànnana, Solombavambahoaka miisa 17 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-55 ka hatramin’ny andininy faha-54.

Taorian’ny fandaniana isan’andininy, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin’ny fandraisana fanapahan-kevitra ankabopeny ny mpivory, ka ny andininy faha-90 ao amin’ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin’izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànnana, Solombavambahoaka miisa 20 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-017/2020 tamin’ny 18 Novambra 2020 mikasika ny Politikam-pirenena momba ny Kolotsaina.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha manan-kambara manoloana ny fahalanian'ny volavolan-dalàna teo.

Fisaorana ny Solombavambahoaka no nataon-dRamatoa Minisitra, tamin'ny fankatoavana ny volavolan-dalàna narosony.

Nambarany koa fa tamin'ny taona 2005 no farany nisian'izany politikam-pirenena momba ny kolotsaina izany. Izay no antony nanaovana ity volavolan-dalàna ity, mba hamerenana ny soatoavina Malagasy satria manjaka ny fanatontoloana amin'izao fotoana izao.

Talohan'ny niatoan'ny fivoriana, nampahatsiahysy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, izay fivori ambe hihainoana ny tatitra hataon'ny Minisitry ny Fitaterana, ny Fizahan-tany ary ny Famatarana ny Toe-trandro ary ny Minisitry ny Harena Ankibon'ny Tany sy Loharanon-karena Stratejika, izany dia hatao ny Alakamisy 17 Jona 2021, amin'ny 10 ora, maraina.

Niato tamin'ny 12 ora sy 5 minitra, atondro, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

